

Ils sont leurs propres juges

Par David A. Bednar
du Collège des douze apôtres

Izy ireo ihany no tompon'ny tenany

Nataon'ny Loholona David A. Bednar
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

Conférence générale d'octobre 2025

Si nous avons exercé notre foi en Jésus-Christ, contracté et respecté des alliances avec Dieu et nous sommes repentis de nos péchés, alors la barre du jugement sera agréable.

À la fin du Livre de Mormon, Moroni nous adresse des invitations édifiantes : « venez au Christ », « soyez rendus parfaits en lui », « refusez toute impiété » et « aimez Dieu de tout votre pouvoir, de toute votre pensée et de toute votre force ». Il est intéressant de constater que la dernière phrase de son enseignement évoque à la fois la résurrection et le jugement dernier.

Il dit : « Je vais bientôt me reposer dans le paradis de Dieu, jusqu'à ce que mon esprit et mon corps se réunissent de nouveau, et que je sois amené triomphant dans les airs, pour vous rencontrer devant la barre agréabledu grand Jéhovah, le Juge éternel des vivants et des morts. »

Je suis intrigué par le fait que Moroni ait utilisé le mot « agréable » pour caractériser le jugement dernier. D'autres prophètes du Livre de Mormon décrivent également le jugement comme un « jour glorieux », que nous devrions « [attendre] avec l'œil de la foi ». Cependant, quand nous pensons au jour du jugement, ce sont bien souvent d'autres descriptions prophétiques qui nous viennent à l'esprit : la « honte et une culpabilité affreuse », la « peur et [...] une crainte terribles », ainsi que « la misère sans fin ».

À mon sens, l'opposition nette de ces termes

Raha toa isika ka nampiasa ny finoana an'i Jesoa Kristy, nanao sy nitandrina fanekempihavanana tamin' Andriamanitra ary nibe-baka tamin'ny fahotantsika, dia ho mahafinaritra ilay toeram-pitsarana.

Ny Bokin'i Môrmôna dia mifarana amin'ny fanasana manentana fanahy avy amin'i Môrônia mba “[hanatona] an'i Kristy”, “[hatao] tanteraka ao Aminy”, “[handavantsika] ny toetra tsy araka an' Andriamanitra rehetra”, ary “[hitia] an' Andriamanitra amin'ny herin[tsika], ny sain[tsika] ary ny tanja[tsika] rehetra”. Ny mahaliana dia milaza mialoha momba ny Fitsanganana amin'ny maty sy ny Fitsarana Farany ny fehezanten'ny farany amin'ny toromarika nomeny.

Hoy izy: “Handeha tsy ho ela aho hiala sasatra ao am-paradisan' Andriamanitra, ambara-pikamban'ny fanahiko sy ny vatako indray, ka hitondrana ahy mpandresy eny amin'ny habakabaka, hihaona aminareo eo anoloan'ny toeram-pitsaranamahafinaritra Ilay Jehovah Lehibe, ny Mpitsara Mandrakizain'ny velona sy ny maty”.

Manitikitika ny saiko ny fampiasan'i Môrônia an'ilay teny hoe “mahafinaritra” mba hamariparitana ny Fitsarana Farany. Ny mpaminany hafa ao amin'ny Bokin'i Môrmôna koa dia mamari-paritra ny fitsarana ho “andro be voninahitra” sy andro izay tokony “[handrandrain'ny olona iray] amin'ny masom-pinoana”. Matetika anefa isika rehefa mieritreritra momba ny andro fitsarana, dia famariparitana ara-paminaniana hafa toa ny “[henatra] sy fanamelohana mahatsiravina”, horo-horo sy tahotra, ary “fahoriana tsisy fiafarany” no tonga ao an-tsaina.

Mino aho fa io fahasamihafana ara-pitenena-

révèle que, grâce à la doctrine du Christ, Moroni et d'autres prophètes pouvaient envisager ce grand jour avec empressement et espérance, plutôt que dans la peur réservée à ceux qui ne s'y sont pas préparés spirituellement. Qu'avait compris Moroni que nous devons apprendre, vous et moi ?

Je prie pour recevoir l'aide du Saint-Esprit pendant que nous étudierons le plan de bonheur de miséricorde de notre Père céleste, le rôle expiatoire du Sauveur dans ce plan et la manière dont, « le jour du jugement, [nous serons responsables] de [nos] propres péchés».

Le plan du bonheur de notre Père céleste

Les objectifs primordiaux du plan du Père sont de fournir à ses enfants d'esprit la possibilité de recevoir un corps physique, d'apprendre à discerner « le bien du mal » dans la condition mortelle, de grandir spirituellement et de progresser éternellement.

Ce que les Doctrine et Alliances désignent comme « le libre arbitre moral » est un élément central du plan de Dieu visant à réaliser l'immortalité et la vie éternelle de ses fils et de ses filles. Les Écritures appellent aussi ce principe fondamental le libre arbitre et la liberté de choisir et d'agir.

Le terme « libre arbitre moral » est instructif. « Bon », « honnête » et « vertueux » sont synonymes du mot « moral ». Parmi les synonymes de l'expression « libre arbitre », on trouve « action », « activité » et « travail ». Par conséquent, on peut comprendre « le libre arbitre moral » comme étant la capacité, et le privilège, de choisir et d'agir par nous-mêmes de manière bonne, honnête, vertueuse et conforme à la vérité.

Les créations de Dieu comprennent à la fois des « choses qui se meuvent [et des] choses qui sont mues ». Le libre arbitre moral est le « pouvoir de l'action indépendante » conçu par Dieu, qui nous permet, en tant que ses enfants, d'être des agents qui agissent et non de simples objets qui

na io dia maneho fa ny fotopampianaran'i Kristy no nahafahan'i Môrônia sy ny mpaminany hafa ho tsindrindaona sy velom-panantenana hian-drandra izany andro lehibe izany fa tsy hatahotra tahaka ny nampitandreman'izy ireo an'ireo izay tsy niomana ara-panahy. Inona no zavatra takat'ri Môrônia izay mila ianarako sy ianaranao?

Mivavaka aho mba hampian'ny Fanahy Masina isika eo am-pisaintsainantsika momba ny drafitry ny fahasambaranasy famindram-poizay nataon'ny Ray sy ny anjara toeran'ny sorana fanavotana nataon'ny Mpamonjy ao anatin'ny drafitry ny Ray ary ny fomba “[h]ampamoahina [antsika] ny amin'ny fahotan[tsika] avy amin'ny andro fitsarana”.

Ny drafitry ny Ray ho an'ny fahasambarana

Ny tanjona lehibe indrindra amin'ny drafitry ny Ray dia ny hanome fahafahana ireo zanany ara-panahy handray vatana, hahalala “ny tsara amin'ny ratsy” amin'ny alalan'ny fiainana an-tany, hitombo ara-panahy ary hivoatra mandrakizay.

Ilay lazain'ny Fotopampianarana sy Fanekepivahanana hoe “safidim-pitondrantena” dia manan-danja amin'ny drafitr' Andriamanitra mba hahatanteraka ny tsy fahafatesana sy ny fiainana mandrakizain'ireo zanakalahy sy zanakavaviny. Io fitsipika manan-danja io koa dia faritan'ny soratra masina ho fahafahana misafidy fahalalahana misafidy sy manao araka ny sitrapo.

Mampianatra zavatra maro ilay teny hoe “safidim-pitondrantena”. Ny teny mitovy dika amin'ny teny hoe “fitondrantena” dia ahitana ny hoe “tsara”, “marin-toetra”, ary “hatsaran-toetra”. Ny teny mitovy dika amin'ny teny hoe “fahafahana misafidy” dia ahitana ny hoe “mandray fepetra”, “asa” ary “miasa”. Noho izany, ny “safidy ara-pitondrantena” dia azo raisina ho toa ny fahafahana sy tombontsoa manokana hisafidy sy hanao zavatra ho an'ny tenantsika amin'ny fomba tsara, amim-pahamarinan-toetra, amin-katsaran-toetra ary amim-pahamarinana.

Ny zavaboaharin' Andriamanitra dia samy ahitana “zava-mihetsika sy zavatra hetsehina”. Ary ny safidy ara-pitondrantena dia ilay “herin'ny asa mahaleo tena” novolavolain' Andriamanitra izay manome hery antsika zanak' Andriamanitra mba ho lasa olona mihetsika fa tsy zavatra hetsehina

sont mus.

La terre a été créée pour être un endroit où les enfants de notre Père céleste seraient mis à l'épreuve pour voir s'ils feraient «toutce que le Seigneur, leur Dieu, leur commander[ait]». L'un des buts principaux de la Création et de notre existence mortelle est de nous donner la possibilité d'agir et de devenir ce que le Seigneur nous invite à devenir.

Le Seigneur a dit à Hénoc :

« Regarde ceux-ci qui sont tes frères ; ils sont l'œuvre de mes mains ; je leur ai donné leur connaissance le jour où je les ai créés ; et dans le jardin d'Éden, j'ai donné à l'homme son libre arbitre.

« Et j'ai dit à tes frères, et je leur ai aussi donné le commandement, de s'aimer les uns les autres et de me choisir, moi, leur Père. »

Les objectifs fondamentaux de l'exercice du libre arbitre sont de s'aimer les uns les autres et de choisir Dieu. Ces deux objectifs correspondent exactement aux deux grands commandements : aimer Dieu de tout notre cœur, de toute notre âme et de toute notre pensée, et aimer notre prochain comme nous-mêmes.

Réfléchissez au fait que nous recevons le commandement, pas seulement un conseil ou une exhortation, mais bien le commandement d'employer notre libre arbitre pour aimer notre prochain et choisir Dieu. Dans les Écritures, l'adjectif « moral » est plus qu'un simple adjectif qualificatif. Il indique peut-être aussi une directive divine sur la manière dont on doit exercer notre libre arbitre.

Un cantique bien connu s'intitule « Bien choisir », et ce, pour une bonne raison. Nous n'avons pas reçu la bénédiction du libre arbitre moral pour faire ce que nous voulons quand nous le voulons. Au contraire, selon le plan du Père, nous avons reçu le libre arbitre moral pour rechercher la vérité éternelle et agir conformément à cette vérité. Ayant « le pouvoir d'agir par [nous]-mêmes », nous devons œuvrer avec zèle à de bonnes causes, « faire beaucoup de choses de [notre] plein gré et produire beaucoup de justice ».

L'importance éternelle du libre arbitre moral est soulignée dans le récit scripturaire du conseil prémortel. Lucifer s'est rebellé contre le plan du Père pour ses enfants et a cherché à détruire le

fotsiny ihany.

Ny tany dia nohariana mba ho toerana azo hisedrana ireo zanak' Andriamanitra mba hahitana raha toa izy ireo ka "hanao nyzava-drehetra-handidian'ny Tompo Andriamaniny azy ireo". Ny tanjona voalohan'ny Fahariana sy ny fisiansika eto an-tany dia ny hanome antsika fahafahana hanao asa ka ho lasa izay hanasan'ny Tompo antsika mba hahatongavantsika.

Nampianatra an'i Enoka toa izao ny Tompo:

"Jereo ireto rahalahinao ireto; asan'ny tanako ireo ary nomeko azy ireo ny fahalalany tamin'ny andro nahariako azy ireo; ary tao amin'ny Saha Edena no nanomezako ny olona ny safidiny;

"Ary tamin'ny rahalahinao no efa nolazaiko, ary koa nomeko ny didyfa tokony hifankatia izy ireo ary hifidy Ahy rainy".

Ny tanjona fototra amin'ny fampiasana ny fahafahana misafidy dia ny hifankatia sy hifidy an' Andriamanitra. Ary ireo tanjona roa ireo dia mifanojo tsara amin'ny didy lehibe voalohany sy faharoa mba hitia an' Andriamanitra amin'ny fonsika, sy ny fanahintsika ary ny saintsika manontolo, sy hitia ny namantsika tahaka ny tenantsika.

Jereo fa nodidiana isika, tsy nanarina, na notoroana hevitra fotsiny, fa nodidiana mba hampiasa ny fahafahantsika misafidy mba hifankatia ary hifidy an' Andriamanitra. Ataoko fa ilay teny hoe "fitondrantena" ao amin'ny soratra masina dia tsy mpamari-toetra fotsiny fa mety ho torolalana avy amin' Andriamanitra ihany koa ny amin'ny fomba tokony hampiasantsika ny fahafahantsika misafidy.

Ny hira mahazatra iray dia nampitondraina ny lohateny hoe "Bien choisir" noho izany antony izany. Tsy nomena ny safidy ara-pitondrantena isika mba hanaovana izay rehetra tiansika amin'ny fotoana rehetra tiansika. Fa araka ny drafitry ny Ray kosa dia nahazo ny safidy ara-pitondrantena isika mba hikatsahana sy hanaovana asa mifanaraka amin'ny fahamarinana mandrakizay. Amin'ny maha "[olona afaka] manao safidy ho an'ny [tenantsika antsika]", dia tokony hazoto hirotsaka amin'ny tanjona tsara isika, ary "hanao zavatra maro amin'ny nahim-pon[tsika] ka hahatonga fahamarinana fatratra".

Ny lanjan'ny safidy ara-pitondrantena eo amin'ny mandrakizay dia misongadina ao amin'ny fitantarana ao amin'ny soratra masina momba ny filankevitra tany amin'ny fiainana

pouvoir de l'action indépendante. Il est significatif que l'insoumission du diable ait été dirigée directement sur le principe du libre arbitre moral.

Dieu a expliqué : « C'est pourquoi, parce que Satan se rebellait contre moi, qu'il cherchait à détruire le libre arbitre de l'homme, [...] je le fis précipiter. »

Le plan égoïste de l'adversaire consistait à priver les enfants de Dieu de la capacité d'« agir par eux-mêmes » dans la justice. Son intention était de réduire les enfants de notre Père céleste à de simples objets qui sont mus.

Agir et devenir

Dallin H. Oaks a souligné le fait que l'Évangile de Jésus-Christ nous invite à la fois à connaître quelque chose et à devenir quelque un par l'exercice juste de notre libre arbitre moral. Il a dit :

« De nombreux passages de la Bible et des Écritures modernes parlent d'un jugement final au cours duquel tous les hommes seront rétribués selon leurs actions ou selon les désirs de leur cœur. Mais d'autres Écritures sont plus précises et disent que nous serons jugés selon l'état que nous aurons atteint. [...] »

« Le prophète Néphi décrit le jugement dernier en termes de ce que nous sommes devenus : 'Et si leurs œuvres sont souillées, ils doivent nécessairement être souillés ; et s'ils sont souillés, il faut nécessairement qu'ils ne puissent pas demeurer dans le royaume de Dieu' [1 Néph 15:33; italiques ajoutées]. Moroni déclare : 'Celui qui est souillé restera souillé, et celui qui est juste restera juste' [Mormon 9:14; italiques ajoutées]. »

Le président Oaks ajoute : « De ces enseignements, nous déduisons que le jugement dernier ne sera pas une simple évaluation de la somme de nos actions bonnes et mauvaises, c'est-à-dire de tout ce que nous avons fait. Ce sera la constatation de l'effet final de nos actions et pensées, de ce que nous serons devenus. »

L'expiation du Sauveur

talohan'ny nahaterahana. Nanohitra ny drafitry ny Ray ho an'ny zanany i Losifera ary nikatsaka ny handrava ilay hery hahafahana manao asa amin-pahaleovantena. Raha fintinina dia nifantoka mivantana tamin'ny fitsipiky ny safidim-pitondrantena ny fihantsian'ny devoly.

Nanazava Andriamanitra hoe : “Koa satria nikomy Tamiko i Satanaary nikatsaka ny handrava ny safidin'ny olonadia nasaiko nazera ety ambany izy”.

Ny tetika feno fitiavan-tenan'ilay fahavalo dia ny hanaisotra amin'ireo zanak' Andriamanitra ny fahafahany ho lasa “[olona afaka] manao safidy ho an'ny tenany” izay afaka manao asa amim-pahamarinana. Ny fikasany dia ny hanery ny zanaky ny Ray any An-danitra ho lasa zavatra hetsehina.

Fanaovana asa sy fiafarana

Nanantitrantitra ny Filoha Dallin H. Oaks fa ny filazantsaran'i Jesoa Kristy dia manasa antsikahafantatra zavatra sy holasazavatra amin'ny alalan'ny fampiasana amim-pahamarinana ny safidim-pitondrantena. Hoy izy :

“Baiboly sy soratra masina maro no milaza momba ana fitsarana farany ho fotoana hano-mezana valisoa ny olona araka ny asa na ny fanirian'ny fony. Fa ny soratra masina hafa dia mamelabelatra azy io amin'ny filazana fa isika dia hotsaraina araka ny toetran'iafarantsika.

“Ny mpaminany Nefia dia mamariparitry ny Fitsarana Farany ho mifanaraka amin'izay nahatongavantsika : “Ary raha fahalotoana ny asanydiatsy maintsy ilaina ho maloto izy ireo; ary rahamalotoizy ireo dia tsy maintsy ilaina ny tsy hahafahany mitoetra ao amin'ny fanjakan' Andriamanitra” [1 Nefia 15:33; nampiana fanamafisana]. Ambaran'i Môronia fa -Izaymalotodia mbola haloto; ary izaymarinadia mbola ho marina- [Môrmôna 9:14; nampiana fanamafisana]”.

Notohizan'ny Filoha Oaks hoe : “Tsoahan-tsika avy amin'ny fampianarana toa izany fa ny Fitsarana Farany dia tsy hoe fanombantombanana fotsiny ny fitambaran'ny zavatra tsara sy ratsy natao—izany hoe izay zavatravitantsika. Izany dia fampahafantarana ny vokatry farany avy amin'ireo asa nataontsika sy eritreritra nananantsika—lasa inona noniafarantsika”.

Ny Sorompanavotan'ny Mpamonjy

Nos œuvres et nos désirs seuls ne nous sauvent pas ; ils ne le peuvent pas. « Après tout ce que nous pouvons faire », nous ne sommes réconciliés avec Dieu que par la miséricorde et la grâce résultant du sacrifice expiatoire infini et éternel du Sauveur.

Alma a déclaré : « Alors jetez les regards autour de vous et commencez à croire au Fils de Dieu, à croire qu'il viendra racheter son peuple, et qu'il souffrira et mourra pour expier ses péchés, et qu'il se relèvera d'entre les morts, ce qui réalisera la résurrection, que tous les hommes se tiendront devant lui pour être jugés au dernier jour, jour du jugement, selon leurs œuvres. »

« Nous croyons que, grâce au sacrifice expiatoire du Christ, tout le genre humain peut être sauvé, en obéissant aux lois et aux ordonnances de l'Évangile. » Comme nous devons être reconnaissants que nos péchés et nos mauvaises actions ne se dresseront pas en témoignage contre nous si nous sommes véritablement « [nés] de nouveau », que nous exerçons notre foi dans le Rédempteur, que nous nous repentons avec « sincérité de cœur » et « intention réelle », et que nous « persév[érons] jusqu'à la fin ».

La crainte de Dieu

Nombre d'entre nous pensent peut-être que comparaître devant la barre du Juge éternel ressemble à une procédure devant un tribunal terrestre. Un juge présidera. Des preuves seront présentées. Un verdict sera rendu. Et nous serons probablement incertains et effrayés jusqu'à ce que le résultat final nous soit connu. Mais je crois que cette description est inexacte.

Il existe une crainte, que les Écritures appellent la « crainte de Dieu » ou « la crainte du Seigneur », qui diffère des peurs mortelles que nous éprouvons souvent, tout en leur étant apparentée. Contrairement à la crainte selon le monde qui suscite l'inquiétude et l'anxiété, la crainte de Dieu est source d'assurance, de confiance et de paix dans notre vie.

Cette crainte juste inclut un profond sentiment de révérence et d'admiration envers le Seigneur Jésus-Christ, l'obéissance à ses commandements, et l'attente impatiente du jugement dernier et de la justice qu'il rendra. La crainte de

Tsy manavotra antsika sy tsy afaka manavotra antsika ny asantsika sy ny faniriansika fotsiny. “Rehefa ataontsika ny zavatra rehetra azontsika atao” dia mihavana amin’ Andriamanitra isikaamin’ny alalan’ny famindram-po sy ny fahasoavana izay misy amin’ny alalan’ny sorompanavotana tsisy fetra sady mandrakizay nataon’ny Mpamonjy irery ihany.

Nanambara i Almà hoe: “Manomboha mino ny Zanak’ Andriamanitra, fa ho avy Izy hanavotra ny olony ary hijaly sy ho faty Izy mba hanonitra ny fahotany; ary hitsangana amin’ny maty Izy izay hahatanteraka ny fitsanganana amin’ny maty, ka ny olona rehetra dia hijoro eo anoloany mba hotsaraina araka ny asany amin’ny andro farany sady fitsarana”.

“Mino isika fa noho ny Sorompanavotana nataon’i Kristy, dia azo vonjena ny olombelona rehetra, amin’ny fankatoavana ireo lalàna sy ôrdônansin’ny filazantsara”. Tokony ho feno fankasitrahana lehibe isika fa ireo fahotantsika sy ireo asa ratsy nataontsika dia tsy hijoro ho vavolombelona hanohitra antsika raha toa isika “ateraka indray” tokoa, mampihatra finoana an’ny Mpanavotra, mibebaka “amin-kitsim-po” sy “omban’ny fikasana marina”, ary “maharitra hatramin’ny farany”.

Fahatahorana araka an’ Andriamanitra

Maro amintsika no manantena fa ny fisehoantsika eo anoloan’ily Mpitsara Mandrakizay dia hitovitovy amin’ny fankanesana eo anatrehan’ny toeram-pitsaran’izao tontolo izao. Hisy mpitsara iray hiahny ny fotoana. Hisy porofo haroso. Hisy didim-pitsarana havoaka. Ary mety ho tsy hanana antoka sy hatahotra isika mandra-pahafantarantsika ny didim-pitsarana farany. Kanefa mino aho fa diso ny famariparitana toa izany.

Tsy mitovy kanefa mifandray amin’ny tahotra iainantsika eto an-tany ilay fari-paritan’ny soratra masina ho “fahatahorana [araka an’] Andriamanitra” na “fahatahorana [araka] an’i Jehovah”. Ny fahatahorana araka an’ Andriamanitra dia mitondra fiadanana sy fananana toky ary fahatokian-tena eo amin’ny fiainantsika; tsy tahaka ny tahotra araka izao tontolo izao izay mahatonga fahatairana sy tebiteby.

Ny tahotra araka ny fahamarinana dia ahitana fanajana lalina sy fiderana an’i Jesoa Kristy Tompo, fankatoavana ny didiny, ary fiandrandrana ny Fitsarana Farany sy fitsarana ara-drariny hataony. Ny fahatahorana araka an’ Andriama-

Dieu naît d'une compréhension correcte de la nature et de la mission divines du Rédempteur, d'une disposition à soumettre notre volonté à la sienne, et de la connaissance que chaque homme et chaque femme seront responsables de leurs propres désirs, pensées, paroles et actes mortel-sau jour du jugement.

Craindre le Seigneur, ce n'est pas appréhender avec réticence de nous retrouver en sa présence pour être jugés. C'est plutôt la perspective de finir par reconnaître à notre sujet les « choses telles qu'elles sont réellement » et « telles qu'elles seront réellement ».

Quiconque a vécu, vit à présent ou vivra ici-bas comparaitra devant la barre de Dieu, pour être jugé par lui « selon ses œuvres, qu'elles soient bonnes ou qu'elles soient mauvaises ».

Si nos désirs ont été tournés vers la justice et que nous avons fait de bonnes œuvres, c'est-à-dire si nous avons exercé notre foi en Jésus-Christ, contracté et respecté des alliances avec Dieu, et nous sommes repentis de nos péchés, alors la barre du jugement sera agréable. Comme l'a déclaré Énos, nous nous tiendrons devant le Rédempteur et nous verrons son visage avec plaisir. Et, au dernier jour, notre « récompense sera la justice ».

À l'inverse, si nos désirs se sont portés sur le mal et si nos œuvres ont été mauvaises, alors nous redouterons la barre du jugement. Nous aurons « la connaissance parfaite », « le souvenir vif » et « la conscience vive de [notre] culpabilité ». « Nous n'oserons pas lever les yeux vers notre Dieu, et nous serions heureux si nous pouvions commander aux rochers et aux montagnes de tomber sur nous pour nous cacher de sa présence. » Et, au dernier jour, notre « récompense sera le mal ».

En fin de compte, nous sommes nos propres juges. Personne n'aura besoin de nous indiquer où aller. Devant le Seigneur, nous admettrons ce que nous avons décidé de devenir au cours de notre vie mortelle et saurons par nous-mêmes quelle place nous méritons dans l'éternité.

Promesse et témoignage

Comprendre que le jugement dernier peut être agréable n'est pas une bénédiction réservée uniquement à Moroni.

nitra dia teraka noho ny fahatakarana marina ny maha-Andriamanitra an'ny Mpanavotra sy ny asa nanirahana Azy, ny fahavonona hampanoa ny sitrapontsika amin'ny Azy, ary ny fahalalana fa ny lehilahy sy vehivavy rehetra dia ho tompon'andraikitra amin'ny faniriany teto an-tany, ny eritreriny, ny teniny ary ny asany ihanyamin'ny Andron'ny Fitsarana.

Ny fahatahorana araka an' Andriamanitra dia tsy tebiteby tiana hialana noho ny tsy maintsy hanatrehana Azy mba hotsaraina. Fa fampahafantarana zavatra araka ny tena toetrany sy ny amin'ny zavatra araka ny ho tena toetranymomba ny tenantsika amin'ny farany kosa.

Ny olona rehetra izay efa niaina, sy izay miaina ankehitriny, na izay mbola hiaina eto ambonin'ny tany dia “hoentina [h]ijoro eo anoloan'ny fitsaran' Andriamanitra mba hotsarainy araka ny asany avy na tsara izany na ratsy”.

Raha toa ka araka ny fahamarinana ny fanirantsika ary tsara ny asantsika, izany hoe nampiasa ny finoana an'i Jesoa Kristy isika, nanao sy nitandrina fanekempihavanana tamin' Andriamanitra ary nibebaka tamin'ny fahotantsika, dia ho mahafinaritra ilay toeram-pitsarana. Araka ny nambaran'i Enosa, isika dia “[hijoro] eo anoloan' [Ilay Mpanavotra]; ary amin'izany [isika] dia ho finaritra hahita ny tavany”. Ary amin'ny andro farany isika dia “[hovaliana] fahamarinana”.

Fa etsy ankilany, raha ny ratsy no nokatsahintsika ary ny ratsy no nataontsika, dia hahatonga antsika hatahotra ny toeram-pitsarana. Hanana “fahalalana tomombana”, sy “fitadidiana mazava” ary “fahatsapana mivaivay tokoa ny helo[tsika]” isika. “Tsy ho sahy ny hiandrindra ny Andriamanitsika isika; ary ho faly aza isika raha afaka mibaiko ny vatolampy sy tendrombohitra hianjera amintsika mba hanafina amintsika ny tavany”. Ary amin'ny andro farany isika dia “[handray] loka ratsy”.

Amin'ny farany dia isika ihany no tompon'ny tenantsika. Tsy hisy hilaza amintsika izay tokony halehantsika. Hiaiky eo anatrehan'ny Tompo izay nosafidiantsika teto an-tany mba hiafarantsika isika ary hofantatsikany toerana tokony hisy antsika any amin'ny fiainana mandrakizay.

Fampanantenana sy fijoroana ho vavolombelona

Ny fahatakarana fa ny Fitsarana Farany dia afaka nyhahafinaritradia tsy fitahiana natokana ho an'i Môrônia irery ihany.

Alma a décrit les bénédictions promises à tout disciple dévoué du Sauveur. Il a dit :

« La signification du mot restauration est de ramener le mal au mal, ou le charnel au charnel, ou le diabolique au diabolique — le bien à ce qui est bien, le droit à ce qui est droit, le juste à ce qui est juste, le miséricordieux à ce qui est miséricordieux. [...] »

« Agis avec justice, juge avec droiture et fais continuellement le bien ; et si tu fais toutes ces choses, alors tu recevras ta récompense ; oui, la miséricorde te sera rendue ; la justice te sera rendue, un jugement droit te sera rendu, et le bien te sera rendu en récompense. »

Je témoigne avec joie que Jésus-Christ est notre Sauveur vivant. La promesse d'Alma est réelle, et s'adresse à vous et à moi aujourd'hui, demain et à jamais. J'en témoigne au nom sacré du Seigneur Jésus-Christ. Amen.

Nofariparitan'i Almà ireo fitahiana ampanantenaina ho an'ireo mpianatry ny Mpamonjy mahafatra-po rehetra. Hoy izy:

“Ny hevitra ny teny hoe famerenana amin'ny laoniny kosa dia ny famerenana indray ny ratsy ho amin'ny ratsy, na ny nofo ho amin'ny nofo, na ny avy amin'ny devoly ho amin'ny avy amin'ny devoly—ny tsara ho amin'izay tsara; ny rariny ho amin'izay rariny; ny hitsiny ho amin'izay hitsiny; ny feno famindram-po ho amin'izay feno famindram-po.

“... Ataovy araka ny hitsiny, mitsarà araka ny rariny ary manaova ny tsara lalandava; ary raha ataonao ireo zavatra rehetra ireo, dia handray ny lokanao ianao amin'izany; eny, hanana ny famindram-po averina aminao indray ianao; hanana ny hitsiny averina aminao indray ianao; hanana ny fitsarana ara-drariny averina aminao indray ianao; ary hanana ny tsara avaly anao indray ianao”.

Amin-kafaliana no ijoroako ho vavolombelona fa i Jesoa Kristy no Mpanavotra velona antsika. Ny fampanantenan'i Almà dia marina sy afaka mihatra aminao sy amiko, anio, rahampitso ary ho mandrakizay. Izany no ijoroako ho vavolombelona amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy Tompo, amena.